# ALAHADY - PAKA - TAONA A ....2026



## *NITSANGAN-KO VELONA TOKOA I JESOA*

Ry Kristianina havana, an-kafaliana sy an-karavoana ary am-pitiavana no anolorana ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa ho antsika olo araiky jiaby, ho antsika mianakavy, ho antsika eglizy kely, eglizy fiombonana, eglizy fototra, eglizy iraka, isika diosezy jiaby, isika Fianakaviamben'Andriamanitra, Isika Olo Araiky Jiaby, Fratelli Tutti ary izay rehetra afaka mamaky izao hafatra sy fampianarana izao amin'izao andron'ny Paka izao. Nitsangan-ko velona tokoa ny Tompo Aleloia. Tamin'ny Alahadin'ny sampankazo isika no nanomboka ny dingana lehibe rehefa avy nanao ny ezaky ny karemy dia tsy inona fa ny fidirantsika ao Jerosalema izany hoe i Jesoa mpiara-belona amintsika ka miaraka Aminy isika miditra ao Jerosalema. Paka misy dikany manokana izao Paka 2026 izao. Voalohany, ao anatin'ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-efatra isika. Araka ny averimberintsika tsy hoe Sinaody par étapes no ataontsika fa étapes du synode na marimarina kokoa station izany hoe fijanonana tahaka ny fijanonana amin'ny lalan'ny hazofijaliana. Raha adika amin'ny fomba hafa dia tahaka ny fijanonana amin'ny lalan'ny hazofijaliana izay mifameno sy mifaningotra ireo fijanonana tanterahintsika. Nahavita ny fijanonana telo voalohany isika nandinika ny finoana sy ny katesizy. Hitantsika tamin'izany rehefa nanao famintinana hoentina hanomanana ny

**Vakiteny I :** Asa 10, 34a. 37-43
**Tononkira :** Sal. 117,
**Vakiteny II :** Kôl. 3, 1-4
**Evanjely :** Jo. 20, 1-9

Directoire Pastorale na Torolalana Pastôraly isika fa mbola maro ny mila ampiana. Sady manampy isika no miroso tamin'ny fijanonana faharoa dia ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA. Ny tanjona dia ny hivelomantsika indray ny vôkasiontsika hatramin'ny voalohany rehefa nahary antsika Andriamanitra ka naniraka antsika hiambina sy hikolokolo ny sahan' i Edena, izany hoe ity tany ipetrahantsika ity, ny Tranobe Iombonana izay tena robaka mihitsy. Nisy taratasy fanairana nataontsika mikasika an'izany. Nohamafisintsika izany tamin'ny fijanonana faha-3 ka naniraka antsika nandalina ny Fianakaviana Eglizy kely mifampitsimbina mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana. Izao fijanonana faha-4 izao kosa no entintsika hampivondronana azy ireo ka hahatonga ho mpandray an-tanana. Izao Paka izao indrindra no misongadina izany vôkasiontsika izany satria mankalaza ny Fahariana vaovao isika amin'izao Paka izao. Jesoa nanolotra ny aina no mamerina antsika ao amin'Andriamanitra ka mivelona ny fanekem-pihavanana vaovao. Mihavana indray amin'ny zava-boary, mihavana indray amintsika samy isika ary mihavana indray amin'Andriamanitra. Tanteraka amin'ny Pakan'i Kristy ilay fifandraisana potiky ny fahotana ka fifandraisana vaovao no ivelomantsika miaraka Aminy sy amin'ny alalany ary ao Aminy ka mifanasoa sy mifampitsimbina isika, mandray an-tanana mivelona ny fihavanana sady kristianina no malagasy.

Fantatsika anefa fa ireo izay nihoby an'i Jesoa nanao hoe HOZANA ihany koa no nilaza tamin'ny Zoma masina hoe : FANTSIHO AMIN'NY HAZO FIJALIANA sy nanenjika Azy ka namono Azy. I Jesoa ilay novonoina iny, Izy ilay tsy nanota, Izy ilay nanaiky ho mpanota mba hanavotra antsika mpanota rehetra. Maty tokoa i Jesoa fa noho ny asan'Andriamanitra sy maha-Andriamanitra Azy dia nitsangan-ko velona Izy. Nankalazaintsika izany omaly hariva, Sabotsy masina, ka antitranterina amin'izao andro voalohan'ny herinandro izay fitsanganan-ko velona sy fahariana vaovao izao. Tsara ny manamarika fa andro voalohany izao ny alahady manambara ny fahariana vaovao. Io no manamarika fa fankalazana ny fahariana vaovao no ankalazaintsika amin'ny Alahady andro voalohan'ny herinandro ka mahatonga antsika kristianina tsy mankalaza ny sabata na dia manaja ny sabata fahariana taloha...

Ry Kristianina havana, ireo vakiteny rehetra henontsika tamin'ny herinandro masina iny dia mamintina ny fiainantsika manontolo : isika izay matetika mirehareha raha mahomby ny fiainantsika, isika ihany koa izay tia manenjika noho ny tsy fahampian'ny finoana, noho ny fahalemena, noho ny tsy fanànantsika finiavana eo amin'ny fiainantsika dia resin'ny fakampanahy ka lavo amin'ny fahotana. Mibaribary izany eo anatrehan'izao fahasahiranana atrehantsika izao noho ny vidim-piainana vokatry ny tsy fisian'ny vidin'ny lavanila izao. Mpiara-belona amintsika anefa i Jesoa ka Izy tafatsangan-ko velona ankehitriny no mampitsangana antsika satria niara-maty amin'ny fahotana taminy isika. Izany no mahatonga antsika ry havana malala isany, isika olo araiky jiaby, na amin'ny toerana maro samihafa dia faly mifampiarahaba isika satria nandresy ny faran-tampon'ny faharatsiana dia ny fahafatesana, i Jesoa, ka raha miaraka Aminy isika dia mitsangan-ko velona miaraka Aminy koa.

Antitranterin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa ny hoe : "Esory re ny lalivay ela, mba ho vaingana vaovao ianareo" izany hoe esory izay mampirefarefa antsika amin'ny tany ka mahatonga antsika ho vatana ka mitoetra amin'ny fasana dia tsy inona fa ireo fialonana, fitiavan-tena, avonavona izay mandoto ny fiainantsika, mandoto ny fiainam-pianakaviana, ny fiainan'ny fiaraha-monina, ny fiainan'ny Eglizy isan-tsokajiny. Misongadina izany indrindra amin'izao krizy izao.

Amin'izao Paka izao dia miara-nitsangana amin'i Kristy isika ary izany no manambara ny hasin'ny maha-olona. Ny biby no mirefarefa ka mandady amin'ny tany fa isika kosa omban'ny fahasoavan'Andriamanitra dia afaka miarina, mitsangana mijoro. Izany no dikan'ny batemy izay nohavaozintsika tamin'ny Sabotsy masina. Mijoroà àry isika ! Aoka hiala amin'ny fiainana lo ka hijoro amin'ny fiainana vaovao satria fahariana vaovao no dikan'ny Paka. Mijoroa amin'ny marina. Mijoroa mifanasoa sy mifampitsimbina. Mijoroa amin'ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Tsy misy ny fampandrosoana ny mahaolona manontolo sy ny olon-drehetra raha tsy manjaka ny marina, raha tsy mifanasoa, mifampitsimbina, mikatsaka ny soa iombonana ary mivelona ny fihavanana sady kristianina no malagasy. Io no takian'ny fanavaozana matimatesantsika amin'izao fotoana izao…

Nilaozan'i Jesoa ny fasana misy vatana lo, ny fiainana « maimbo» hoy isika teny amin'ny La Montagne ka aoka ny fandreseny koa hanampy antsika handao ny fiainantsika lo amin'ny fitiavan-tena sy hetraketraka ary herisetra isan-karazany. Anjarantsika àry amin'izao Paka izao ny hanatanteraka ny iraka ataon'i Jesoa tafatsangan-ko velona ; "Mandehana any Galilea, any aho no mahita anareo", maniraka antsika Izy mba hiditra amin'ny fiainantsika, ho any Galilea tokoa isika hiala amin'ny fiainana taloha ka hihavao ary io fiainana io no iainantsika ny maha-kristianina antsika. Miala amin'ny fiainana "maimbo" ao am-pasana amin'ny alalan'ny fandalinam-pinoana, ny vavaka, ny fanaovana marina….

Ny miala amin'ny fiainana lo dia ny mampanjaka ny marina. Ny manimba ny fiainantsika dia ny tsy fisian'ny fahamarinana eto amin'ny tanindrazantsika. Koa na dia misy ny harena rehetra aza isika dia noho ny lainga sy ny tsy marina ary ny risoriso manjaka amin'ny fiainana andavanandro no mahatonga antsika ho mahantra. Eo anivon'ny sekoly fanabeazana dia ampianarina ny zanatsika ny hiala amin'ny risoriso manapotika ny fifandraisantsika, ilaina ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ao anatin'ny fifanajana. Anaovantsika ezaka koa ny fanajana ny tontolo iainana. Hain'ireo mpianatra ny hoe : izay manao ny marina no hendry ary izay marina no olona afaka.

Fahariana vaovao ny Paka, koa aoka isika hanana maso vaovao eo amin'ny fifandraisana amin'ny zava-boaary, amin'ny tontolo iainantsika. Aoka mba hivelomantsika koa ny tontolo iainantsika izay nankinin'Andriamanitra tamintsika tamin'ny fahariana an'izao tontolo izao.

Anatin'ny Paka isika izay fahariana vaovao ka aoka hikarakara sy hikolokolo ny tontolo iainantsika fa tsy hanapotika. Araka ny teny faneva ataontsika hoe : "izay mitevy ala mamono taranaka, izay mamboly hazo dia manome aina".

Araka izany, manome aina ny Paka ka aoka tsy hanapotika ny ala intsony isika fa hamboly hazo, hanome aina, mba ho tontolo misy fanantenana tokoa ny tontolontsika. Fiainana eokaristika ny fiainantsika raha manaja ny tontolo iainantsika. Inona tokoa moa no atolotsika rehefa mankalaza ny Eokaristia raha tsy ny vokatry ny tany, vokatry ny asantsika. Aoka ho vokatra mendrika ny Fahariana vaovao no atolotsika fa indrindra amin'izao andro sarotra izao.

Izany no iombonantsika amin'i Jesoa ka atolony amin'ny Ray ho sakafo mamelona antsika ho aina mamelona antsika.

Paka ny fiainantsika raha lavitra ny fanapotehana sy ny herisetra fa ho olona malemy fanahy, tsy hoe midika bonaika sanatria tsy miasa fa olona tompon'andraikitra miasa manome hery vaovao sy fanantenana vaovao eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Ny fitsanganan-ko velona dia tsy mamela antsika hipetraka araka ny voalaza ao amin'ny Evanjely hoe : "Aza matahotra ianareo; fantatro fa mitady an'i Jesoa Izay nofantsihana

tamin'ny Hazofijaliana ianareo. Tsy ato Izy, fa efa nitsangana araka izay nolazainy mandehana haingana milaza amin'ny mpianany fa efa nitsangana avy any amin'ny maty Izy; ary indro hialoha anareo any Galilea izy, any no hahitanareo Azy; izany àry, fa efa nilazako ianareo izay". Irahina àry isika hanambara ny Vaovao mahafaly amin'ny fiainantsika manontolo. Izany no fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana. Izany no vokatry ny Paka, manambara fa miara-belona amintsika i Jesoa ka zary Tabernakla velona tahaka an'i Masina Maria. Koa aoka àry hiroso amin'ny lalindalina isika amin'ny fiainam-pinoana fa indrindra amin'izao Paka izao, amin'izao vanim-potoanan'ny Sinaody izao ka hahatonga antsika ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.
Ry Jesoa Tomponay ô, hafaliana lehibe tokoa ho anay zandrinao izao Paka izao, ho anay Fianakaviamben'Andriamanitra satria nandresy ianao ka handresy miaraka Aminao izahay amin'izao fankalazana ny Paka izao, izany no mahatonga anay hiredona hatraiza hatraiza ny Aleloia, ka tsy am-bava fotsiny no hiredonanay azy fa asianay Aleloia ny fiainanay manontolo, asehonay fa nitsangan-ko velona ianao ka mampiditra anay amin'ny fahariana vaovao.
Tsy ho vitanay samirery izany, fantatrao ny fahalemenay sy ny fiainanay fa indrindra izahay miatrika krizy mafy izao, hitanao tamin'ireo Apostoly izany ka ampio izahay hijoro ho tena vavolombelonao eo amin'ny fiainanay andavanandro ka ny fahasoavanao anie hanenika anay. Amin'izay dia hanjaka eto aminay tokoa ny fiadanan'ny Paka izay lazainao aminay hoe : " Homba anareo anie ny fiadanako".
Enga anie ho eo anivon'ny fianakaviana « eglizy kely », eglizy fiombonana, eglizy fototra, eglizy iraka, eo anivon'ny diosezy sy ny firenena maminay ity ny fiadanana, hanjaka eto aminay tokoa ilay fampihavanana sady kristiana no malagasy fa tsy ilay fampihavanana araka ny heverin'izao tontolo izao izay mifototra amin'ny tombontsoa matetika. Tanteraka izany raha mivelona ny Paka izahay izany hoe mivelona ny marina, mifanasoa, mifampitsimbina amin'ny alalan'ny fanompoana. Enga anie ho eto aminay tokoa ny fahamarinana ka hanjaka ny rariny sy ny hitsiny dia hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana izahay eto anivon'ny firenenay sy izao tontolo izao. Masina Maria, ianao no vavolombelona voalohan'ny Fitsanganan-ko velona, mivavahà ho anay mba ho Tabernakla velona tahaka anao izahay. Md Josefa, mivavahà ho an'ny fianakaviana « eglizy kely » mba hanjaka eo anivony tokoa i Jesoa nandresy ny ratsy ka hifanaja anie ny mpianakavy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson